




# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 11 mey 2019 | Laharana 908 | Vidiny : **400 Ar**

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**Madagasikara 09 mey 2019, hafatra manokana laharana 38** 5

**Fitondrana Rajoelina** 2

# Mamahan-dalitra vahoaka



**Kandida depiote TIM K25** 3

# Tsara sedra sy voaofana



**FILANKEVITRY NY TANÀNA (CUA)** 5

## Nekena ny tetikasa fanatsarana ny Araben'ny Fahaleovantena



**Fanafihana mitam-basy tamin'ny RN 27** 6

## Maro no naratra, lasa ny vola sy firavaka

**Trano may teny Ambodivona** 4


## Harenina ary tsy azo atao intsony ny trano hazo

**Daka kely**

Vary any ambanivolo ary efa mora ka atao inona «vary mora» ry Boaikely a !

**Raharaham-pirenena** 2

## « Super Ministre » Lalatiana Rakotondrazafy



Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana

## Nanatrika ny fankalazana ny Andron'i Eoropa : ny 9 mey teo

Anisan'ireo tompon' andraikitra eto amin'ny firenena nanatrika ny fankalazana ny Andron'i Eoropa, ny 9 mey teo, teny amin'ny tranon'ny Masoivohon'ny Vondrona Eoropeana eto amintsika, eny Tsarasaotra Soavimasoandro, ny ben'ny tanànan'Antananarivo, Lalao Ravalomanana. Nisongadina tamin'ireo lahateny nifandimbiasana nandritra izany, fa hanampy amin'ny fisandratana, na ny antsoina hoe : émergence, kasain'ny mpitondra ankehitriny ho tanterahana ny Vondrona Eoropeana. Niatrika izao lanonana izao koa ny ministry ny raharaham-bahiny Naina Andriantsitohaina, izay nisolotena ireo lehiben'ny fitondrana mpanatanteraka eto amintsika, ny filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana (HCC) Jean Eric Rakotoarisoa, ny filohan'ny CENI Hery Rakotomanana, ny filohan'ny CFM Maka Alphonse, ireo ambasadaoro monina sy miasa eto amintsika, ary ministry maromaro ao amin'ny governemanta, izay tsy niakatra niaraka tamin' ireo manam-pahefana fa tety ambany niaraka tamin'ny daholobe niatrika izao lanonana izao. Nambaran'ny ambasadaoron'ny Vondrona Eoropeana, Giovanni Di Girolamo nandritra izany fa efa hatramin'ny taona 1958 no nisy ny fiarahamiasan'i Madagasikara tamin'ny Eoropeana ary hamafisina hatrany izany hoy izy amin'izao faha-61 taonan'ny fiarahamiasa izao. Mbola namerina ny fiderana ny Malagasy izy tamin'ny fahavitan'ny fifidianana filohampirenena demokratika teto amintsika tamin'ny taon-dasa 2018. Ifantohan'ny fanampiana Eoropeana ny fanampiana ho amin'ny fampandrosoana sy ny fampitomboana ny fampiasam-bola eto Madagasikara. Nambaran'ny ministry ny raharahambahiny Naina Andriantsitohaina fa ny Vondrona Eoropeana no fivondronambe lehibe indrindra eto amin'izao tontolo izao ankehitriny. Ny 9 mey 1950 no nitsiry voalohany ny ho fananganana ny Vondrona Eoropeana, ahitana firenena 28 mpikambana ao aminy amin'izao fotoana, ity vondrona ity dia anisan'ny ao anatin'ny G 20 ankehitriny.



***Isambilo***

Boriboritany voalohany (CUA)

## Hanampy hatrany ireo fikambanana mpitantana fotodrafitrasa miisa 201

Toy ny efa fanao isantaona dia nanatanteraka fihaonana tamin'ny mpitantana ny tanàna ireo "Association" na Fikambanana, izay mpitantana fotodrafitr'asa manerana ny fokontany 44 ao amin'ny Boriboritany voalohany, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), omaly. Ny anton'izany dia ny mba hahafahana manome toromarika azy ireo amin' ny fandaminana ny fomba fiasa, nandritr'izay ihany koa no nanaraotan'izy ireo nifampirary soa noho ny fahatongavan'ny taona vaovao 2019. Tamin'ity taona ity dia teny amin'ny Espace Madagascar By Pass izany fihaonana izany no natao ary notronin'ny talen'ny kabinetran'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra, Ranjakason Mparany Gabby, nisolo tena ny Ben'ny Tanànan'Antananarivo Renivohitra, tonga teny ihany koa ny Delegen'ny Boriboritany Voalohany sy ireo mpiara-miasa aminy, ary i Maître Hanitra Razafimanantsoa, izay Kandidà ho solombavambahoaka TIM.K25 N°01 avy ao amin'ny Boriboritany Voalohany sy Pastora Roger Randriamisata, izay mpiray lisitra aminy. Nandritra ny lanonana dia nisy ny fifandimbiasam-pitenena teo amin'ireo olo-manankaja izay tonga teny antoerana ary nandritra izany indrindra no nilazan'izy ireo ny fahavononany hiara-hiasa amin' ny famahana ny olana izay sedrain'ireto "association" ireto, toy ny olan'ny JIRAMA amin'ny fahatapahan'ny rano matetika, eo ihany koa ny fiakaran'ny vidin'ny rano. Zava-dehibe tokoa ny fanomezana toromarika ho an'ireto mpitantana fotodrafitr'asa ireto satria dia izy ireo no mifanerasera mivantana amin'ireo vahoaka eny anivon'ireny fokontany ireny. Miisa 201 eo ireo association izay mpitantana ny fotodrafitr'asa ao amin'ny Boriboritany Voalohany izay tantanin'izy ireo, ahitana : "bassin" fanasana lamba, toerana fatsakana rano madio, toeram-pidiovana. Raha araka ny nambaran'ny tompon'andraikitra avy eo anivon'ny Boriboritany Voalohany dia tena mbola vitsy tokoa ireo izay misitraka izany fotodrafitr'asa izany tsy ampy ho amin'ny filàn'ny mponina izay mitombo tsy an-kijanona ny fotodrafitr'asa izay misy amin'izao fotoana izao, misy mihitsy aza ireo olona matsaka rano amin'ny 4 ora maraina ary tsy mahazo izany raha tsy amin'ny 11 ora antoandro nohon'ny tsy fahampian'izany fotodrafitr'asa izany, kanefa die efa manao ezaka hatrany ny Kaominina Antananarivo Renivohitra amin'ny fanampiana sy ny fampiroboroboana ny isan'izany. Nizotra ankafaliana ny lanon'ireto mpitantana fotodrafitr' asa ireto ary tsy nody maina izy ireo satria dia mbola notoloran'i Maître Hanitra fotsim-bary ihany koa ireto farany ho entina mody ho an'ny vady aman-janaka any an-tokantrano.

***Isambilo***



*Ireo tompon'andraikitra ao amin'ny CUA, sy ireo kandidà depiote, niara-nilanona tamin'ireo mpitantana fotodrafitrasa teny amin'ny By-Pass.*

### *Ny Valosoa sy fakafaka*

## Fitondrana Rajoelina : fitondrana mamahan-dalitra vahoaka


Tranon-dainga, mpamahan-dalitra ary mpamitabahoaka gaigilahy ny fitondrana misy amin'izao fotoana izao. Raha tsiahivina tamin'ny voalohandohan'ny taona 2018, fony izy mbola vao hirotsaka ho kandida filoham-pirenena dia nanambara ho ren-tany ho ren-danitra ny filoha Andry Rajoelina fa na afaka 30 na 50 taona aza isika tsy handroso velively raha mbola miankin-doha amin'ireo mpamatsy vola mahazatra. Vao tamin'ny fiandohan'ity volana mey 2019 ity anefa dia mailaka mihitsy ny tenany fa atokisan'ny Banky Iraisampirenena,... ary nahazo fanampiana vola izay indramina na trosaina i Madagasikara, vola an-jatony tapitrisa dolara amerikana hanatanterahana tetik'asa ary ny filohan'ny Banky Iraisam-pirenena mihitsy no tonga nanatitra izany, izay mbola taratasim-bola aloha no misoratra hatreto. Fantatr'ireo mpamatsy vola mahazatra ireo ny tetik'adin'ny fanjakana, ka mba tsy hironana any amin'ireo firenena Sinoa na Rosiana, na hafa dia tsy maintsy gejaina amin'ny volabe aloha i Madagasikara. Teo aloha teo tokoa mantsy, tamin'ny fotoanan'ny Tetezamita dia tany amin'ireo firenena matanjaka toy ny kely maso, ohatra, no nandoalihan'ny fitondrana, miampy ireo firenena Arabo lazainy fa namany. Tsy nisy fanaraha-maso ny toe-karena Malagasy nandritra izany fotoana izany fa dia natao tantely afa-drakotra ny harem-pirenena. Lazaina foana fa nandritra ny Tetezamita dia tsy nahazo fanampiana isika kanefa nahavita nanondrotra karaman'ny mpiasam-panjakana; nahavita izatsy na izaroa. Vola taiza avokoa àry ireny nampandehanana ny firenena ireny nandritra ny 5 taona nitondrany ? Tsy nahafaly ireo mpamatsy vola iraisam-pirenena mahazatra io fihetsiky ny fitondrana Malagasy io ka izao ahitsiny amin'ny fampindramam-bola be izao, mba hiverenan'i Madagasikara ao am-balany. Kenda tanteraka ny fitondrana, ka raha hiroso maty Raibe, hihemotra maty Renibe.

***Rajaonarimpanontsana***

Raharaham-pirenena

## « Super Ministre » Lalatiana Rakotondrazafy

Mitaraina ary manao antso avo amin'ny tompon'andraiki-panjakana mahefa ireo mpiasan'ny ORTM efa ho 20 naato tamin'ny asany, satria heverin'izy ireo fa tsy rariny ny nihàtra taminy. Efa niasa an-taonany maro ireto mpiasan'ny ORTM ireto, nanao ny ainy tsy ho zavatra nampandeha izany haino aman-jerim-panjakana izany, na vanim-potoana inona na fitondrana iza no nifandimby. Tsy rariny, hoy izy ireo satria antony tsy mazava sy tsy mari-pototra no nampiatoana azy rehetra ireo taorian'ny hetsika "Tagnamaro" teny Mahitsy, ny 30 Martsa lasa teo. Tsy manaraka ny paik' ady momba ny tontolon'ny asa ny fampiatoana na fandroahana mihitsy. Nolavin'ny Conseil d'État izay nilaza fa tsy mahefa ny raharaha ity olan'ny mpiasan'ny ORTM sy ny Ministeran' ny serasera ity, koa dia asa na iza no mahavaha izany ? Etsy an-kilany, Ramatoa Super Ministre, Lalatiana Rakotondrazafy, tompon'andraikitra mivantana momba ny serasera dia nanambara fa ara-dalàna ny antony nandraisana fanapahankevitra mahakasika ireo mpiasa ireo. Mbola manampy trotraka ihany koa ny fanoloana ireo tompon'andraikitra ambony eo anivon'ny Ministera isan-tsokajiny kanefa ilay olona hasolo azy ireny tsy mahafehy ny asa iandreketany akory, hany ka mihisatra ny fampandehanan-draharaham-pirenena. Ekena fa tokony homena toerana sy sehatra ireo tanora hisahana asam-panjakana saingy tokony tsy hohadinoina fa ny antitra antitra ihany ary mila maka traikefa aloha ireo tanora vao miditra lalina amin'ny asa sahaniny. Tsy misy maharatsy izany mampitombo fahaizana izany satria ny tombontsoa iombonan'ny firenena no tokony ho banjinina. Tsy atao didy jadona na anaovana vava tsy ambina. Izay fomba izay ihany no nanaovana drindrangilo tamin'ny fitondrana Marc Ravalomanana ary navadika ho mpanao didy Jadona ny filoham-pirenena, dia natao izay nanesorana azy. Izao anefa ilàna vaniny ny Artista avy eo anivon'ny OMACI, vaky koa ny adihevitra eo amin'ny Ministeran'ny serasera sy ny filohan'ny Antenimierandoholona Rivo Rakotovao. Dia asa inona indray ny manaraka ?



*Ilay ministra mahay ny zava-drehetra ao amin'ny fitondrana Rajoelina.*

***Rajaonarimpanontsana***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Tsy milamina ny toe-draharaham-pirenena

Mahakasika ny teokarena sy politika amin'ny ankapobeny eto amintsika dia nahitsy ny nambaran'ny filoha Marc Ravalomanana, nivoaka tao amin'ny gazety mpiseho isan'andro iray fa "mila miresaka dia milamina io". Tenin'olon-kendry izany sady tenin-dray aman-dreny, izay navadiky ny sasany ho fihantsiana sy fanaratsiana. Nambara mantsy tao amin'ny radio mpanasohaso sy mpisolelaka amin'ny fitondrana, fa ny filoha Marc Ravalomanana ihany, hono, no mahita fa misy tsy milamina. Ekena ny firesahana fa tsy eken-dry zareo kosa ny filazana fa misy tsy milamina ny toe-draharaha eto amin'ny firenena. Matoa maneho ny heviny toy ireny ny filoha mpanorina ny antoko TIM dia tsy miteniteny foana araka ny fiheverana azy, fa ny vahoaka Malagasy maro mihitsy no mahatsapa fa tsy mandeha amin'ny laoniny intsony ny sehatry ny toe-karena. Ohatrinona izao ny vidim-bary sy ireo kojakoja ilaina andavanandro. Mihena ve ny vidin'ny fanafody sy ny saram-pitsaboana? Tsy mitsahatra miakatra ny vidim-piainana. Ireo mpisehatra eo amin'ny fandraharahana tena sahirana, fa indrindra ireo mpandraharaha madinika sy salantsalany. Ny harena an-kibon'ny tany miondrana any ivelany saika isan'andro vaky. Ny tsy fandriampahalemana mirongatra ary matetika miafara amin'ny faty olona hatrany, sns… Eo amin'ny resaka politika indray; iza no tsy mahita fa maro ny tsy fanarahandalàna ataon'ireo milaza "kandidam-panjakana" miaraka amin'i Andry Rajoelina amin'izao fampielezan-kevitra izao. Na ny SEFAFI, na ny CENI, na ny SAMIFIN sy ireo fikambanana maro, ny fiarahamonim-pirenena dia samy nampiaka-peo avokoa vokatry ny fandikan-dalàna mihoa-pampana ataon'izy ireo. Ny asa ataon'ny Antenimierandoholona avy no tsy mivoaka ao amin'ny TVM sy RNM araka ny nambaran'ny flohany Rivo Rakotovao. Betsaka tamin'ity fitondran-Rajoelina ity ireo olona tsy mitovy hevitra aminy no naiditra am-ponja indrindra ireo trondro madinika, ny vaventy kosa tsy voakitika mihitsy. Ohatra amin'ireny, raha tsy hitanisa hafa-tsy io isika: ny namarotana ny tanim-panjakana "Villa Elisabeth". Mazava sy tsy takona hafenina ireo voalaza rehetra ireo sady miharihary toy ny vay an-kandrina. Izany no ilazan'ny filoha Marc Ravalomanana fa mila miresaka ny ankolafin-kery rehetra dia milamina ho azy ny toe-draharaham-pirenena, na aratoe-karena io, na politika, na eo amin'ny sehatra hafa. Ny tenany rahateo efa naneho fandeferana mba hisian'ny fitoniana eto amin'ny firenena.

***Rajaonarimpanontsana***

**FIFIDIANANA DEPIOTE**

# Tsara sedra, voaofana ny kandidà TIM.K25



*Ny filoha Ravalomanana tany Mahabo omaly.*

Mialohan'ny nisafidianana olona ho solombavambahoaka avy amin' ny Tiako i Madagasikara (TIM) sy K25 dia mandalo sivana avokoa ireo kandida hilatsaka hofidiana manerana an'i Madagasikara. Aorian'izay dia tsy maintsy jerena avokoa ny taratasy mombamomba azy, fa tsy izay tonga rehetra dia raisina. Sanatria tsy manilika mpizaika fa izay kosa ilay rafitra misy eo amin'ny antoko TIM. Manana fitsipika mifehy azy io antoko io fa tsy toy ny hafa, ka izay manambava, mahay manasohaso sy manam-bola dia raisina ho kandida avokoa. Rehefa vita izany, dia ny filoha mpanorina ny TIM, ny filoha Marc Ravalomanana sy ny birao politika no tompon'ny teny farany. Manana teknika sy manampahaizana manokana amin'izany ny filoha Ravalomanana. Tsy vitan' izay ihany fa izy tenany, ny filohan'ny TIM mihitsy no mandray an-tanana manofana azy rehetra ireo. Paik'ady amin'ny fanaovana politika avokoa ireo rehetra ireo ary efa manana traik'efa ho amin'izay ity antoko matanjaka iray eto amin'ny firenena ity. Rehefa lany ny ankamaroan'ireo kandida solombavambahoaka TIM. K25 dia tsy mijanona hatreo ny fiofanana omena azy ireo. Ny tanjona dia ny hanomezana hasina io andrimpanjakana io. Hampandany ny lalàna sy hanara-maso ny fitondrampanjakana ary hitondra ny feon'ny vahoaka, mba hanjakan'ny tena Demokrasia, ka ny tombontsoan'ny vahoaka Malagasy iray manontolo irery ihany no mibaiko ny feon'ny fieritreretan'ireo Depiote TIM ireo. Tsy toy ny an'ny antoko hafa, na toy ireo mirotsaka amin' ny anaran'ny tsy miankina, izay midika fa ny tenany ihany no fantany fa tsy ny vahoaka izany. Raha tsorina, antoko faran'izay tsara sedra sy voaofana ny kandidà TIM.K25. Azo antoka fa hitondra fampandrosoana ho an'ny vahoaka sy ny firenena satria manana politikam-piarahamonina mazava azo ampiharina sy efa nampiharina.

***Rajaonarimpanontsana***

Voly vary an-tanety

# Mamaritra ny taham-bokatra ny Africa Rice

Taorian'ny dingana maro samihafa narahina tamin'ny fampiharana ny fomba fanao tsara, na ny BPA "Bonne Pratique Agricole" rehetra manaraka ny teknikam-pambolen'ny Africa Rice dia tonga amin'ny famoahana ny taham-bokatra ny eo anivon'ny GTDR-D ankehitriny. Ny andron'ny alakamisy 09 mey dia ny vala tahaka tao Ambohimiarivo sy Ambohidranandriana no nanaovana ny "sondage de rendement" na ny famaritana ny taham-bokatra. Mandrafitra efajoro amin'ny 1m2 dia atsipy eo ambonin'ny valatahaka. Rehefa tafapetraka ny efamira dia isaina ny foto-bary ao anatin'ny efajoro, avy eo indray isaina ny zana-bary isam-pototra. Aorian'izany dia hetezana ny salohim-bary rehetra azo ao anaty efamira, mitohy amin'ny fanamainana izany ary lanjaina avy eo. Rehefa vita izany rehetra izany dia mivoaka ny taham-bokatra. Tsara ny manamarika fa mamoaka santionany telo karazany amin'ilay efamira isaky ny vala tahaka mba hahazoana ny vokatra feno sy marina. Tamin'izao fidinana izao dia naneho ny fahafampony ireo avy ao amin'ny Africa Rice Madagascar ary nanontany mivantana ireo tantsaha tamin'ny olana nosedrainy nandritran'ny taom-pambolena. Olana nitambarana teto dia ny fahataran'ny fotoam-panetsana. Niaradia tamin'izao fidinana ifotony tao Ambohimiarivo sy Ambohidranandriana izao ny Filohan'ny GTDR-D say tale miadidy ny fampandrosoana ny faritra sy ireo mpiaramiasa aminy, ary ireo avy ao amin'ny Africa Rice.

***Lezama***

## NY TENY FIAINANA

***Isaia 26:9***

*Amin'ny fanahiko no aniriako Anao nony alina; eny, ny saiko ato anatiko no itadiavako Anao fatratra; fa raha mamely ny tany ny fitsaranao, dia mianatra fahamarinana ny mponina amin'izao tontolo izao.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Tsy fantatry ny ministra Lalatiana R. na ny lalànan'ny asa aza



**Rakotoarinia Nathalie Lolia :** tsy fantatry ny ministra Lalatiana Rakotondrazafy na ny lalàna mifehy ny asa aza, mandroaka mpiasa fahatany.

**Pri Ah Sanz :** tena mahamenatra, miseho ho super- ministre nefa tsy mahay raha.

**Samuelrandriamanivo Sam :** ministra tampotampohim-pahefana ny ministra Lalatiana Andriantogarivo.

**Gaspard Fanantenana :** ministra dedaka dia manaonao foana mandroaka mpiasa.

**Noëline Razafintseheno :** raha manana sombimpahefana ve dia manao izany ? Nahoana no dia mirehareha, toerana andalovana, ny tany tsy honenana mandrakizay, ka mba mieritrereta ihany e ! mamelom-bady aman-janaka anie ireo mpiasa ECD noroahina ireo e!

**Ranto Mahery Ranto :** tsy mahagaga, tena tampohim-pahefana tokoa ilay ministra Lalatiana, havereno amin'ny asany ireo mpiasa noroahina ireo fa zony izany, sao tadivinareo hampidirana ny akamakama angaha izy ireo.

**Rany Laza :** mety velirano koa zany fandroahana mpiasa izany, mba hampidirana ny mpanohana 13 tamin'ny fotoan'androny avy eo.

**Nathalie Holitiana Rakotondramoma :** asa antsitrapo izany tsy terena. Ary matoa ny olona tsy mandeha, dia tsy mi-adhérer ary tsy hi- adhérer @ zavatra ataonao satria tsy maharesy lahatra azy. Eo koa ny hoe Sabotsy no anaovana azy...

**Jean Berthin Behaja Razafindratsia :** ny maha Gasy mba iainana re tompoko oo ramatoa minisitra, ny tody anie hono tsy misy fa ny atao no mivaly, de hitombo eo ny olona hanohitr'anao rahampitso.

**Fabrice Ramananarivo :** mbola tsy maty ve ny voalavo ao an-kibo Ramatoa Ministra? Hihihiiii!!!

## TONONKALO

### Ho anao izay toa misalasala

Kivikivy ve ianao ka miomana ny tsy hifidy
Noho ireo zavatra tsy marina isaky ny fifidianana ?
Aza dia manao toy izany, raiso ihany re ny adidy,
TIAKO i MADAGASIKARA no andeha re hotohanana.

Saika horovitina aza irony kara-pifidianana
F'efa very ny finoana, tsisy intsony ny antenaina ?
Matokia fa mbola ho avy ny marainam-piadanana.
Mila anao mifidy anefa, ny safidinao no ilaina.

Mampivonto fo angamba ny endrika fitanilàna
Ataon`ireo izay nolendrena hiandraikitra ny fifidianana ?
Saingy `ndao hifidy isika mba hisian`ny fiovana.
Ampy izay ny fandravana, `ndeha hatao ny fananganana.

Miantso anao ny firenena ry mpifidy mbola miahotra.
`Ndeha reseo ny fahalainana, aoka tsy hisalasala.
Mitsangàna, mandehana, mirosoa, aza matahotra.
TIAKO i MADAGASIKARA, izay no antsika, tsisy miala.

Eny Tsimbazaza indray no `ndeha haseho ny fanoherana,
Fa tsy avela hanao izay tiany iretsy jiolahy mpandrava.
"Maro an`isa" no ilaina ka andeha homena toerana
Ny TIAKO i MADAGASIKARA : marina sy tia mazava.

***DADAN`i ZINA (10-05-19)***

**TRANO MAY TENY AMBODIVONA**

## Harenina ary tsy azo atao intsony ny manao trano hazo

Taorian'ny fahamaizan' ireo toeram-pivarotana misa 80 teo, tetsy Ambodivona Boriboritany faha-3 ny Alarobia 7 Aprily alina lasa teo dia nidina ifotony teny an-toerana ny eo anivon'ny kaominina Antananarivo renivohitra (CUA), nahitana ny lefitra voalohany ny Ben'ny Tanàna, Olivier Randrianarisoa sy ny delegen'ny boriboritany faha 3, Hery Razafintsalama, niaraka tamin'ireo ekipa tekinika rehetra nijery ifotony ny hanarenana indray ny fotodrafitrasa simba noho ny fahamaizana. Tsy maintsy hampanarahana fenitra ara-dalàna ny foto-drafitrasa vaovao harenina eo Ambodivona raha ny nambaran'izy ireo, mba hisorohana ny loza, tsy azo haverina intsony fanaovana trano hazo ary hampanarahana izany avokoa ireo tsena rehetra eny an-toerana, hisy solontenan'ny mpivarotra hifampidinika amin'ireo teknisianina amin'ny fanarenana ny fotodrafitrasa rehetra. Ny herinandro hoavy izao no hatomboka ny fanamboarana hiarahana amin'ireo tompon'ny toeram-pivarotana may.



*Ny tompon'andraikitry ny CUA, nijery ireo traboina may trano miisa 80 teny Ambodivona.*

**Serge**

**Akademia Miaramila Antsirabe**

## Tontosa ny famindram-pahefana

Tontosa ny faran'ny herinandro teo ny famindram-pibaikona teo amin'ny fitantanana ny sekoly ambony ho an'ny manamboninahitra: Akademia Miaramila Antsirabe, natrehin'ny Minisitrin'ny Fiarovam-pirenena, ny Jeneraly Rakotonirina Richard, ny lehiben'ny Faritra Vakinankaratra mpisolo toerana, ny Préfet an'Antsirabe, niaraka tamin'ireo manampahefana maro sivily sy miaramila. Handimby ny fitantanana ny eo anivon'ny Akademia Miaramila ity manomboka izao ny Colonel Ramanankavana Jean Henri José, araka ny didim-panjakana nivoaka teo anivon'ny filankevitry ny Minisitra ny 27 Martsa lasa teo, izay notarihin'ny filoham-pirenena. Izy no hanohy ny asa nataon'ny Jeneraly Ramasy Razafindratovo Heritiana. Nandritra ny telo taona nitantanan'ny Jeneraly Ramasy Razafindratovo Heritiana ny Akademia Miaramila dia maro ireo tombontsoa azo nandritra ny fitantanany, isan'izany ny fananganana, fanavaozana ary fanitarana fotodrafitrasa maro, nandritra izay telo taona izay ihany koa dia nisy ny fanavaozana ny rafi-pampianarana, tamin'ny alalan'ny fametrahana ilay "licence en Science de la Défense" izay iarahamiasa akaiky amin'ny sampana haisoratra sy maha olona eny amin'ny Oniversite Antananarivo. Nahazo tombony tamin' ireo karazam-piofanana niarahana tamin'ireo vondron-tafika maro samihafa ihany koa ireo miaramila eto anivon'ny sekoly. Isan'izany ny fampiofanana mpanao vy very ny aina niarahana tamin'ny 1°RFI (Premier Regiment des Forces d'Intervention), izay natao tany amin'ny CNEC, ny fiaraha-miasa tamin'ny vondron'ny Zandarimariam-pirenena mahakasika ny fitandroana ny filaminana, na ny GSIS (Groupe de Sécurité d'Intervention Spécialisée). Anisan'ny vaindohan-draharahan'ny lehiben'ny sekoly vaovao ny fanohizana ny ezaka vita rehetra tamin'ny fanavaozana ny rafi-pampianarana eto amin'ny Akademia Miaramila. Amin'izao fotoana izao dia mpianatra ho manam-boninahitra andiany 4 no mandranto fiofanana eto amin'ny sekoly ahitana ny andiany mivantana faha-40, ny andiany mivantana faha-41, ny andiany mivantana faha-42 ary ny ao amin'ny andiany iraisam-piadiana faha 21. Marihina fa ny lehiben'ny sekoly vaovao dia nivoaka tamin'ny andiany mivantana faha 18 tao amin'ity sekoly ity ihany ary efa nitana andraikitra maro teto amin'ny Firenena.

***Solohery***



*Ny famindram-pitantanana tao amin'ny Akademia Miaramila.*

**Pr Harimalala**

## Toa misy asan-devoly hatrany ny ataon'ny mpitondra ankehitriny

Tsy mitsahana ny maneho hevitra hatrany, manoloana ny heveriny ho tsy fandehanan'ny raharaham-pirenena eto Madagasikara ny mpandinika raharaham-pirenena, ka isan'izany i Pr Harimalala Joseph, izay manaraka akaiky no mampitaha izany amin'ny hafatra masina ao amin'ny Baiboly. Ao anatin'ny vanim-potoanan'ny fampielezankevitra tanteraka ny manerana an'i Madagasikara izao, ho an'ny fifidianana solombavambahoaka, ka ambaran'ity mpandinika ity fa mba tsy « Provandy » hitadiavana seza sy hikatsahana malety sy 4x4 fotsiny indray ihany no tanjona ho an'ny fifidianana ity, hoy ny nambarany. Tsikaritra mantsy hoy ity mpandinika ity ny zavamitranga any amin'iny Distrikan'i Port-Bergé iny amin'izao fotoana satria dia milaza ho tsy te hifidy intsony ny olona nohon'ny fahadisoam-panantenanana poak'aty nataon'ny mpomba ny filoham-pirenena Rajoelina ankehitriny. Nambaran'izy ireo mantsy hono fa nohon'ny fandalovan'ny andro ratsy tany an-toerana dia mba isan'ny nanantena vary mora ihany koa ny vahoaka sahirana saingy laza masaka any andrenivohitra ihany izany fa tsy mipaka amin'ny maro an'isa, satria amin'izao fotoanan'ny miaka-bokatra izao dia tsy misy hilàna izany intsony satria efa 300 Ar monja ny kapoakam-bary amin'izao fotoana, ka raha toa ka mbola hisy halefan'ny fitondrana dia ho « Provandin'ny fampielezan-kevitra » sisa izany fa tsy ho famonjena ny sahirana intsony. Ambaran'ireo vahoaka madinika any an-toerana hoy ity mpandinika ity fa voaporofo ny famitahambahoaka nahazo azy ireo ary latsa-panenenana tokoa ny sarambabem-bahoaka satria ny tsy fandriampahalemana mbola mitohy eo kanefa efa nanantena ny hitsaharan'ny fitsaram-bahoaka izy ireo, saingy ny valiny azon'ny vahoaka dia hoe migadra mandram-pahafatiny izay tratra manao izany fa ny momba ny fananany sy ny fianakaviany tsy asiana resaka ?.... hoy hono ny olona any an-toerana. Izay ny akom-baovao avy any Port-Bergé fa mikasika ity fitsaram-bahoaka ity dia mampametram-panontaniana ihany tokoa satria toa misy hevitra fonosin'ny fanjakana sy afenina tokoa va re ? izao mantsy hoy ity mpandinika ity ny ambaran'ny tenin'Andriamanitra araka ny voasoratra ao amin'ny Daniela 9 :27 manao hoe : « Ary hanorina fanekena ho herinandro amin'ny maro izy ary hampitsahatra ny fanatitra alatsa-drà sy ny fanatitra hafa hatramin'ny antsasaky ny herinandro, ary amin'ny elatry ny fahavetavetana no hihavian'ny mpandrava, hatramin'ny fahafonganana voatendry, izay haidina amin'ny mpandrava ». Anjaran-tsika rehetra no mandinika izay ambaran'ny tenin'Andriamanitra izay, mba hahafahan-tsika ihany koa hifidy izay olona tian-tsika handrafitra ny Antenimierampirenena aorian'ny faha 27 Mey ho avy izao io. Efa tsy miafina eo anatrehan'izao tontolo izao mihitsy anie fa toa isika Malagasy maro an'isa mihitsy no kasain'ireo mpitondra ireo sy ny forongony ho hatao sorona halatsa-drà hatrany e ? hatramin'ny fanonganampanjakana ny taona 2009 no nankaty dia daty maromaro no nihosin-drà teto Madagasikara kanefa tsy nisy ady antrano na fifamonoana teto, raha tsy hampahatsiahy ny 7 Febroary 2009, ka hatramin'ny 19 Janoary 2019, izay nianianan'ny filoham-pirenena sy nianjeran'ireo vatobe namoizana ain'olona marobe, ary tsy hay indray izay hitranga aorian'ny fahavitan'ny fifidianana ho Depioté ho avy io, satria nambara indray fa mbola ahiana hikodia ilay vatove hambara ho 500 taonina, ary vao tsy ela koa no nisiana lozam-pifamoivoizana nahafatesana miaramila marobe nialohan'ny fanombohan'ny fampielezan-kevitra teo iny e ! izany no hilazana fa mampieritreritra tokoa ity fiverenan'ny fitondran'ny filoha ankehitriny ity sy ireo tranga miseho etsy sy eroa fa toa hafahafa sy mifono asan-devoly, ary heveriko ho marina hatrany ny tenin'i Jesosy Kristy hambaran'i Jaona 8 :44 manao hoe : « Hianareo avy tamin'i Devoly Rainareo, ka izay sitraky ny rainareo no tianareo hatao. Izy dia mpamono olona hatramin'ny taloha ary tsy nitoetra tamin'ny marina, satria tsy misy marina ao aminy. Raha mandainga izy, dia ny azy no lazainy, satria mpandainga izy sady rain'ny lainga ». Fa toa voamarina aratsoratra masina ihany koa ny fisian'ny fanjakana Dragona eto Madagasikara araka ny lahateny nataon'ny kandidà Dépiotén'i Toliara, izay miaraka amin'ny filoham-pirenena ankehitriny raha niaraka tamin'ny HVM teo aloha, izay hita ao amin'ny Apokalypsy 13 : 16-19 manao hoe : « Ary ny olona rehetra, na ny kely na ny lehibe, na ny manan-karena na ny malahelo, na ny tsy andevo na ny andevo, dia ampandraisiny marika eo amin'ny tanany ankavanana na eo amin'ny handriny, mba tsy hisy hahazo hividy na hivarotra hafa-tsy izay manana ny marika, dia ny anaran'ny bibidia, na ny isan'ny anarany. Indro ny fahendrena, aoka izay manan-tsaina hanisa ny isan'ny bibidia fa ny fanisan'ny olona izany ary 666 no isany », izay notanisan'Andriamatoa Siteny io andininy io raha nikabary izy, izay voarakitra anaty horonan-tsarin'ny vaovaon'ny haino aman-jery izany. Fehiny : tsy fitia te hitsikera re tompoko raha mitondra fanamarihana fa fanokafana kosa ny sain'ny Malagasy maro an'isa hisoroka mialoha ny fahavoazana hita taratra fa manangasanga indray, ka tsy hiandry ny lalàna hahalafo an'i Madagasikara vao hanenina toa ny vahoakan'i Port-Bergé sy ireo latsam-panenenana ankehitriny, indrindra fa mpanao lalàna anie no ho fidiana, ka raha ny azy no maro an'isa dia mazava ho azy fa vao mainka ho varo-boba toy ny tamin'ny fitondrana tetezamita ity Madagasikara ity vao hanenina ve isika ??? Ity tenin'i Jesosy ity no hamaranako azy, araka ny ambaran'i Jaona 1 sy 10 manao hoe : « Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa izay tsy miditra amin'ny vavahady ho amin'ny valan'ondry fa mananika ny fefy dia mpangalatra sy jiolahy. Ny mpangalatra tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handringana ; Izaho avy mba hananany fiainana, sady hananany be dia be ».

***Lezama***

# Madagasikara 09 mey 2019, hafatra manokana laharana 38

**Teny, soratra, hafatra sy fanambarana maika avy amiko Jehovah ho an'izao tontolo izao avoakako amin'ny alalan'ny mpaminany,**

Ry mponin'ny tany, ry zanak'olombelona, ry monina ambany masoandro tsy an-kanavaka, ry asan'ny tanako mahagaga, ry noforoniko tsy an-kanavaka, impiry moa AHO JEHOVAH no efa nanao FANAMBARANA taminareo fa hianareo anie ka tsy maintsy ho tonga ao amin'ny hoe FAHAVEREZAN-KEVITRA LALINA izany hoe TAMPIN-DALAN-KALEHA. Nahoana hianareo olombelona no mifanondrotondro, mifanome tsiny ? hoy ny Teniko tsy misy marina ny zanak'olombelona na dia iray aza. Mandra-piverinareo Amiko dia fanina hianareo, reraka, ory, malahelo, mitabataba, mikorontana, mifanondrotondro sy mifanome tsiny, mifanala baraka mihitsy e, aza manao an'izany ry mponin'ny tany. Mbola tsy fantatrareo foana ve ny marina ? MIVERENA AMIKO, ***Malakia 3 : 7, Zakaria 1 : 3***, dia tsy ho diso lalana hianareo. Fa na dia hamoaka lalàna sy fitsipika no arahana aza hianareo, tsy fotoan'izany intsony izao. FA IZAO NO ATAO HOE ANDRO SY FOTOANA ARY TAONA FANGETAHETANA NY FAHAMARINANA. Misy fotoana mantsy ny zavadrehetra. Izao no atao hoe fotoan'ny ambony, ambany, ambany, ambony, tsy misy ahitana fahamarinana fa samy maka ho azy ny zava-drehetra indrindra fa hianareo zanak'olombelona.

Ry mpanompoko o! mpitondra Fiangonana, ry mpanompoko o! mpitondra fanjakana, ry mpanompoko o! mpihazona ny lalàna, **tsy lalàn'ny tany intsony no ilain'ny zanak'olombelona fa lalàna, fitsipika ary didin'ny Lanitra**. Mba fantatrareo? Ny FIFOHAZAM-PANAHY farany izay hataoko ambany masoandro dia FAMOAHAKO NY LALÀNA HITONDRAKO NY TANY SY IZAY EO AMINY, lohalaharana amin'izany hianareo zanak'olombelona. Fantatrareo ny atao hoe **lalàna? = tsy maintsy arahina, didy = tsy maintsy ekena, fitsipika = tsy maintsy atao.** Satria rehefa miaina ao amin'ny atao hoe Fanjakako dia = JESOSY manjaka miaraka amin'ny didy, lalàna sy fitsipika itondrany ny tany. Ho any amin'izany izao korontana misy ambany masoandro izao. Ahoana no hahatanteraka izany e? zava-miafina izany tahaka an'ilay hoe virjiny no hiteraka. Ny anjaranareo? minoa, maneke, manantenà ny zavatra rehetra fa na ny aty andanitra ambony na ny ao amin'ny tany ambany misy anareo dia AHY avokoa. Ny anjaranareo dia voarainareo ve ny Fahamarinana? Ekenareo ve ny Fitiavana? Voatahirinareo ve ny Teniko? Hajainareo ve ny Fombako? Mahasambatra anareo ve izay lazaiko? Antenainareo ve ny Fiadanana voalazan'I JESOSY Mpanjaka? Noraisinareo ve ny Fanahy Masina? Voatokana ho an'iza ianao? Izao no ora sy andro ary fotoana itenenako aminareo zanak'olombelona ambany masoandro mba tsy ho tanteraka aminareo ny programan'I losifera ka aza variana. Nahoana no mifanilikilika? AHY ange ianareo e! ***Salamo 24: 1-2***. Avereno Amiko ny zavatra rehetra fa na ho ela na ho haingana dia ho raisiko an-tanana ny tany sy ny fiainanareo, ho tantaniko izany, ho toviko, ho ampihariko, ho tanterahiko. Fa raha tsy ny Fombako no hataonareo dia ho lany ringana hianareo. Tsy izany anefa ny programako fa ho avy JESOSY mbola haka anareo, hiara-monina aminareo ka meteza ho toroana lalana. Torio ny Fahamarinana ry Fiangonana, ***I Korintiana 1: 30, Efesiana 1: 13***. Ampanjakao eo amin'ny Firenena JESOSY ry mpitondra sy mpitantana vahoaka. Samy mila ny famonjeko, mila ny fitantanako, mila ny fitarihako, mila ny famindram-poko sy ny famelan-keloka avy Amiko ao amin'I JESOSY ny zanak'olombelona rehetra tsy an-kanavaka. Izany hoe mila FIBEBAHANA mba hiverina Amiko, ***Asan'ny Apostoly 17: 30***, izay vao hiadana ny tany fa tsy misy tompon'ity tany ity hianareo. Iza no niara-nanorina Tamiko? Iza no niara-nihevitra Tamiko? Iza no niaranadeha Tamiko? Iza no nanolo-tsaina AHY? Iza no nomeko fahefana? Iza no nibaiko AHY tamin'ny zavatra rehetra? Jereo ao amin'ny Isaia ao fa IZAHO no namorona ary tsy misy afa-tsy IZAHO, tamin'ny Heriko, Teniko, Fahefako, Fahaizako, Fahendreko, Heriko lehibe dia nisy izao tontolo izao. Noho izany avereno Amiko mba hiverenako amianreo. TANJOKO? JESOSY IZY no MPANJAKA ary akaiky ny FANJAKANY, ***Jaona 18: 37, Lioka 19: 38.***

Ry mponin'ny tany o! miharingana izao tontolo izao noho ny fahotany. Tsotra tena tsotra ny mamerina izany amin'ny laoniny, avereno amiko JEHOVAH, miverena Amiko Ilay Mpamorona dia averiko aminao ny Fahamarinako rehetra. Aza hadino ny Teniko tany aloha, toetr'andro; firenen-dehibe mifampihantsy amin'ny ady; vahoaka maro ny sasany mankany andrefana, ny any atsimo mianavaratra tsy mahita na inona na inona. Mbola aiza izany hoe misy tanàna tsy ho hita intsony izy sy ny mponina ao aminy; ranomasina hiakatra hatrany amin'ny 25 metatra ny haavony; aizina 3 andro; hatsiaka mangirifiry any amin'ny tany tsy nisy toy izany; hafanana mamely any amin'ny tany tsy nisy izany; rivo-maina; havandra hatramin'ny 1 kilao ny lanjany; bibidia hiakatra an-tanàna; hiady ireo karazam-pivavahana maro; tsy hifampatoky intsony ny olona. Famonjena farany? Izay manaiky an'I JESOSY ho Mpamonjiny sy Mpanjakany amin'ny ASA LEHIBE izay hataoko ao Madagasikara izay Nosy kely, izay tsy mba firenen-dehibe akory no hanehoako ny Heriko sy ilazako izay tiako hatao hamonjeko izao tontolo izao. Hiverina fanindroany ambonin'ny tany ilay Kintana tamin'ny andro nahaterahan'I JESOSY, hijanona eo ambonin'ilay Nosy kely, mialoha ny fiverenan'I JESOSY ho fanambarana amin'izay monina ambonin'ny tany rehetra fa tonga ny Fanjakany. Inona no azonareo olombelona atao amin'izany? Moa tsy hanaiky fotsiny tahaka ilay fahatongavany toy ilay tao Jodia fotsiny va? Mifalia ianao amin'izany, fifaliako izany, tsy misy azonareo tsaraina izany na litera iray aza fa Teny naloaky ny vavako ary nampanoratiko ny mpaminany ho ren-tany sy ren-danitra ka tsy miverina foana aty Amiko izany Soratra sy Fanambarana izany raha tsy tanteraka eo aminareo, ***Isaia 55: 8-9.***

Misaotra ho an'izay nihaino sy nandray fa tahaka ny nitenenan'ireo mpaminany zava-miafina no itenenako koa ankehitriny mba tsy ho tampoka aminareo izay ho avy mifandimby. Ny Voninahitro Lehibe anie hipaka amin'ny tany izay noforoniko. Ny Heriko, Fanapahako anie ho amin'izay mihaino sy mifidy an'I JESOSY ho Mpanjakany ary manatena ny fiaviany indray. Haleloia! Amen!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## FILANKEVITRY NY TANÀNA (CUA)

# Anisan'ny nekena ny tetikasa fanatsarana ny Araben'ny Fahaleovantena

Notanterahina nandritra ny roa andro : ny 9 sy 10 mey 2019, izany hoe omaly sy afak'omaly, tao amin'ny Lapan'ny Tanàna Analakely ny fivoriana tsy ara-potoanan' ny Filan-kevitry ny tanàna eto amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Izao fivoriana izao dia notarihan'ny Birao maharitry ny filan-kevitry ny tanàna. Araka ny nambaran'ny Filohan'ny Filankevitra Monisipaly, Faustin Andriambahoaka dia manaja ny rafitra sy ny fitsipika fifampifehezana tanteraka ity fivoriana ity ary afaka notanterahina tsara satria ampy ny antsasa-manilan'ny mpikambana no tonga nanatrika, Mpanolotsaina Monisipaly 40 amin'ireo 54 no tonga niatrika izany. Araka ny fandaharam-potoana dia niisa 4 ireo lahadinika izay natolotra ho dinihina sy ho laniana dia: ny ho fidiran' ny Tanànan'Antananarivo ao amin'ny tetik'asa AUGA, na ny Agence d'Urbanisme du Grand Antananarivo, ny fanavaozana sy ny fanitarana ny toeram-pidiovana ao amin'ny Esplanade Analakely (métro), ny fanatsàràna ny Avenue de l'indépendance ary ny hanaovana fanorenana ao amin'ny faritry ny Boriboritany faha-4. Ankoatra izay dia nisy ihany koa ny tolo-kevitra izay



*Ny fivoriana tsy ara-potoana tetsy amin'ny Lapan'ny Tanàna Analakely.*

naroso teo anivon'ny Filankevitra Monisipaly, ny mahakasika ny fanatsaràna ny Araben'ny Fahaleovantena, mba ho mendrika sy ho lasa ambohim-pihaonana , araka ilay vinan'ny Ben'ny Tanànan'Antananarivo, Lalao Ravalomanana: "Antananarivo Soa lombonan'ny Malagasy". Taoriana ny ady hevitra sy ny dinidinika nataon' ireo mpikambana eo anivon'ny Filankevitra Monisipaly, tapaka fa omena alalana ny fahefana mpanatanteraka eo anivon'ny CUA amin'ny fanatanterahana ny tetikasa fanatsarana ny Araben'ny Fahaleovantena, nekena ihany koa ny fanavaozana sy ny fanitarana ny toeram-pidiovana eo amin'ny Esplanade Analakely (métro), saingy haverina hojerena indray ny fifanarahana vaovao amin'ireo izay mitantana ny toerana. Tsy naharesy lahatra ireo mpikambana kosa ny antontan-taratasy izay hananan'izy ireo eo am-pelatanany mahakasika ny fidiran' Antananarivo ao anatin'ny tetik'asa AUGA, noho izany dia hahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fandinihina momba izany. Araka ny nambaran'ny Filohan'ny Filankevitra Monisipaly, Andriambahoaka Faustin dia fanapahan-kevitra ara-demokratika no notanterahina ary fiarahamiasa amin'ny tsy miankina kosa ny fanatanterahana ireo tetik'asa maro. Andrasana araka izany ny fivoriana manaraka handinihana ireo asa hafa nampiandrasina.

***Isambilo***

## Ambodivona Boriboritany faha-3

# Nijery sy nampahery ireo olona tamin'ireo trano may miisa 80 ny CUA

Tsena hazo mivarotra brocateur, Hotely, entana madinika, mercerie miisa 80 isa no may tanteraka tetsy Ambodivona Boriboritany fahatelo ny 08 mey alina teo, nanomboka tamin'ny 8 ora sy sasany ny firehetany. Fifampikasohana teo amin'ny herinaratra avy amin'ny mpivarotra entamadinika iray no niandohan'ny afo ; ka nahatonga ny loza. Arak'izany, raha vao nahare ny antso ny mpamonjy voina dia tonga namono ny afo teny an- toerana mba tsy hiitarany tamin'ny toerana hafa indrindra ny Station Total teo ampitany . Marihana fa manodidina teo amin'ny 2 miliara Ar teo ny ny entana simba sy may tamin'izany araka ny nambaran'ny tomponandraikitra ny tsenan' Andravohangy ary tsy nisy ny



*Ireo tompon'andraikitry ny Boriboritany faha-3, nitsidika ireo traboina may trano teny Ambodivona.*

aina nafoy . Tonga nidina ifotony nijery ny zavamisy teny an-toerana ihany koa ny Delegen'ny Boriboritany fahatelo sy ny ekipan'ny kaominina Antananarivo Renivohitra avy ao amin'ny boriboritany fahatelo. Nanambara ny Delegen'ny boriboritany fahatelo Hery Razafintsalama, fa atao laharam-pahamehana ny famerenana amin'ny laoniny ny tsena may satria io no fitadiavan'ny vahoaka. Hisy ny fampivoriana azy ireo amin'ny fanaovana ny tsena biriky, tsy tokony hisy intsony ny tsena hazo satria mora miteradoza hoy izy .

***Aly***

FANAFIHANA MITAM-BASY TAMIN'NY RN 27

# Maro no naratra, lasa ny vola sy firavaka

Mandry tsy lavo loha ny mponina eto amintsika, tsy ambanivohitra, tsy andrenivohitra, fa mirongatra ny tsy fandriampahalemana. Nisy ny fanafihana mitam-basy tamin'ny RN 27 mampitohy an'i Lohatragnambo sy ny kaominina Farafangana, amin'ny faritra Atsimo Atsinanana, sahabo ho 20 km, tsy hidirana ny tanàna ny alakamisy teo, tamin'ny 5 ora hariva. Fiara iray hihazo ny kaominina Farafangana no nisy nanakana, fiara kamiao nitondra mpiantsena avy any Lohatragnambo. Nambaran'ireto tra-panafihana fa andian-dahalo 8 lahy teo ho eo mitondra basy sy antsy ary zava-maranitra no nanakana azy ireo . Vokany: 11 no naratra noho ny daroka, ka naiditra hopitaly ao Farafangana, lasa avokoa ny vola sy firavaka volamenan'ireto mpamonjy tsena . Manoloana izany dia nisy ny fandraisana andraikitra avy hatrany nataon'ny mpitandro filaminana any an-toerana, toy ny mini-opération sy "intervention rapide", hetsika haingana ataon'ny zandarimariampirenena. Tonga nijery sy nandray fepetra haingana manoloana izao trangam-panafihana izao ny Lehiben'ny faritra Atsimo Atsinanana Ramanana Mampody. Efa mahazo ny fitsaboana kosa ireo naratra naterina tao amin'ny CHRR Farafangana.



Anisan'ny naratra tamin'ny fanafihana ity lehilahy ity.

**Ny Valosoa**

Mahajanga

# Mahatsiaro voahilika ireo ray aman-dreny ao anatin'ny MBBM

Nanatanteraka fitsidihana ara-pomba fifanajana tao amin'ny biraon'ny Lehiben'ny Faritra Boeny mpisolo toerana, Bloc Administratif Ampisikina, ny fikambanana « MBBM » na Melaky, Betsiboka, Boeny Miray ny alarobia teo. Fanomezana tsodrano ho an'ny Lehiben'ny Faritra Boeny mpisolo toerana Bazezy V. Clavelah no notanterahin'izy ireo tamin'izany. Nisy ihany koa ny fanomezana tolotanana amin'izay fotoana rehetra ilana ny fiaraha-miasa amin'ny maha samy olobe azy ireo. Tanjon'ny fitsidihana dia ny mba hisian'ny fiaraha-miasa amin'ny fampandrosoana ny faritra Boeny sy ny Faritanin'i Mahajanga iray manontolo. Ny MBBM dia fikambanana ara-tsosialy, nitsangana ny taona 2016, izay tarihin'ny Filohan'ny Delegasionina manokana ny Faritanin'i Mahajanga teo aloha, Kolonely Toto Vincent. Ity fikambana ity dia anisan'ny fikambanana itambaran'ireo Ray aman-dreny avy amin'ny faritra Melaky sy Betsiboka ary Boeny, izay natao indrindra iarovana ny tombotsoan'ny faritra tsirairay. Fakankevitra ihany ny MBBM eo amin'ny sehatry ny fandriampahalemana, sy ny fampandrosoana, ny kolontsaina ary ny sosialim-bahoaka. Efa betsaka ny fiaraha-miasa nataon'izy ireo tamin'ny tomponandraiki-panjakana taany amin'ny Faritanin'i Mahajanga, fa indrindra tao amin'ny faritra Boeny. Ohatra amin'izany ny fanelanelanana naton'izy ireo tamin'ny ady nitranga teo anivon'ny mpianatry ny Oniverstien'i Mahajanga ny taona 2017. Teo koa ny fanelanelanana nataon'izy ireo tamin'ny ady nataon'ireo tomponandraikitra ara-kolontsaina tao amin'ny Doany Miarinarivo Tsararano Ambony, mahakasika ny fametrahana ny Mpanjakaben'ny Boeny vaovao. Na izany aza dia mbola tsy ampy ny fiarahamiasa amin'ny fanjakana amin'ny fiadiana ny tombotsoan'ny faritra sy ny Faritany. Mbola mahatsiaro voahilika izy ireo hoy ny Filohany. Koa manantena amin'izao fitondrana vaovao entin'ny Lehiben'ny Faritra mpisolo toerana izao ireto farany mba hahatsiaro azy ireo eo amin'ny raharaham-pirenena sy ny fandraisana andraikitr'ity olom-boatendry ity. Namaly ny Lehiben' ny Faritra Boeny mpisolo toerana, fa vonona ny hifanome-tanana amin'ny MBBM. Anisan'ny mitondra hery ho azy ny fahatongavan'ireo Ray amandreny tamin'izao fitsidihana notanterahin'izy ireo izao hoy ny tenany.



Ny fihaonana teo amin'ny lehiben'ny faritra mpisolo toerana any Mahajanga sy ireo avy amin'ny MBBM.

**Aly**

## SARIITATRA : Amin'ny maha-DJ ahy dia raràna ny fampidirana hira an-dalambe




Antsirabe

# Miroso amin'ny fanofanana ifotony ny fitantanan-draharaham-panjakana

Hiatrika fampiofanana mahakasika ny fitantanan-draharaham-panjakana eny ifotony ireo tompon'andraikitra eo anivon'ny ministeran'ny Atitany sy ny fitsinjaram-pahefana mandritra ny 5 andro. Eto Antsirabe ao amin'ny Hotel des Thèrmes no hanatanterahana ny atrikasa ny 6 hatramin'ny 10 mey 2019. Tompo-marika amin'izao ny ao anivon'ny INDDL: ivom-piofanana nasionaly ho an'ny fanajariana ny tany sy ny fampandrosoana eny ifotony sy ny PREA, mamatsy ara-bola kosa ny Vondrona Eoropeanina. Ireto mahazo fiofanana eto izao no hisandrahaka sy hiparitaka amin'ireo kaominina isan-tokony hifampizara ny traikefa azony ary hizara ireo torolàlana momba ny paik'ady ara-pitantanan-draharaha. Amin'izao fanombohana izao dia miisa 25 ireo mpiofana. Ny fametrahana ny fitsinjaram-pahefana tena izy no tanjon'ny fanjakana ankehitriny ary mahatonga izao fanamafisana sy fanovozam-pahalalana ho an'ny tompon'andraikitra izao. Ho fanatrarana izany tanjona goavana izany dia mila halamina ny eny ifotony tokony hitovy tantana ireo kaominina eo amin'ireo tolotra homeny ny mpanjifa. Fiaraha-miasa izany no tena hangatahina amin'ireo olom-boatendry sy olom-boafidy hanatsarana ny taratasin'ny vahoaka rehetra. Hampiofana mahakasika ny « Manuel de procédure Budgétaire » sy ny « Manuel de procédure Comptable » ihany koa izy ireo amin'ny volana jona. Hisy arak'izany ny fampiofanana « cascade », na fampiofanana isan'ambaratonga. Tonga nanome voninahitra izao atrik'asa izao ny Préfet an'Antsirabe Andriatomponera Voahangiarimino, ny Tale miadidy ny Raharaha Ankapobeny sy ny Lafitany eto anivon'ny Faritra Vakinankaratra Ramahandriarivo Fanja, ny Consultant avy amin'ny fanjakana ho an'ny daholobe Eric Charvet, ny Tale Miandraikitra Voalohany ny Fampiofanana INDDL, Razanamparany Léoncine Marie Ginette.

**Solohery**

EPP Ambalavato Antsirabe

# Amin'ny volana Jona no ivon' ny fanakalazana ny 60 taona

Ny sehatry ny fanabeazana no antoky ny fahombiazan'ny fampandrosoana ny Firenena. Lohahevitra nosafidiana amin'izao fanokafana ny fankalazana ny faha 60 taonan'ny EPP Ambalavato izao ny hoe : "Fanabeazana sy fampianarana lavorary no fototry ny fampandrosoana ny Firenena". Ity EPP Ambalavato ity dia marihina fa mijoro ara-panjakana ary manaraka ny rafitra rehetra. Amin'izao fotoana izao dia ahitana mpianatra 550 isa sy mpampianatra 14 mirahavavy ary efitrano fianarana miisa 12. Paikady hoentina hanabeazana ny fanarahana ny tetiandrom-pampianarana. Efa maro ihany koa ireo maintimolaly nivoaka teto, ka efa manana toerana ambony. Nisedra olana maro ihany koa ny sekoly toy ny tsy fahampiana mpampianatra, ireo tranga voajanahary nisy izay nanimba ny fotodrafitrasa, ka nisy ny fiaraha-miasa tamin'ny "MDF" tamin'ny 2013, izay nanamboarana fotodrafitrasa 3 sy fanolorana dabilio. Nisy ihany koa ny fanarenana kianja niarahana tamin'ny Association Tanamasoandro. Araka ny nambaran' ny Talem-Paritry ny Fanabeazam-pirenena, ny Fampianarana Teknika sy Fampianarana arak'asa eto Vakinankaratra Rakotoarimanana Heriniaina dia hanatsara ny kalitaon'ny fanabeazana, izay no vinan'ny Ministera. Tanjon'ny Ministeran'ny fanabeazana ny hanabe ny tanora Malagasy mba tsy hoe ny fananana diplaoma fotsiny, fa mba mpianatra manam-pahaizana sy afaka hikaroka asa ary manana ho avy tsara. Ho fanombohana ny fotoana dia ny fifandimbiasam-pitenenan'ireo olo-manankaja ary nifarana tamin'ny fanoratana ny boky volamena izany. Fanokafana ny herinandro teo fa ny ivony kosa dia amin'ny volana Jona. Tsangambato hotanterahin'ny sekoly ny fananganana birao sy fandokoana ireo fotodrafitrasa misy. Manentana ny rehetra izay malala-tanana izy ireo, fa misokatra ho antsika ny varavarana amin'ny fanampiana samihafa ho an'ity EPP Ambalavato ity.

**Lezama**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**05/05/19 hatramin'ny 12/05/19**

- **MAHASOA** (Andrefan' Ambohijanahary) 020 22 622 50
- **NY AINA** (Andravoahangy Ambony) 020 22 229 95
- **AICHA** (Près CENAM 67ha) 020 22 620 02
- **RAKOTOARIVONY** (Analakely en face lycée Rabearivelo) 020 22 240 64 / 034 45 222 05
- **SANTE** (Behoririka 1ère à droite à partir station Shell) 020 22 540 32/ 032 05 540 32

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 908-05-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**FANABEAZAM-PIRENENA, FAMPIANARANA TEKNIKA**

# Nandray ny fitantanana ao Antsirabe Andriamatoa Hery Rakotoarimanana

Araka ny didim-panjakana nivoaka tamin'ny filankevitry ny Minisitra ny 27 martsa 2019 dia voatendry hisahana ny fitantanana ny Foibem-paritry ny fanabeazam-pirenena, ny fampianarana Teknika sy ny fampiofanana arak'asa Andriamatoa Rakotoarimanana Hery. Tontosaina ny alakamisy teo ny famindram-pitantanana teo amin'ny tale vaovao sy ny tale niadidy ny fampianarana Teknika sy fampiofanana arak'asa teo aloha Ralahiarimiadana Denis Philippe. Ho an'ny sampandraharahan'ny fanabeazam-pirenena dia ity tale vao voatendry ity ihany no niandraikitra izany teo aloha. Midika izany fa tsy vaovao aminy raha ity tontolon'ny fanabeazana ity. Anisan'ny kitro hifaharan'ny fampandrosoana ny Faritra ny lafiny fanabeazana ireo tanora, tanjon'ny Ministeran'ny fanabeazam-pirenena ny fampianarana Teknika sy ny fampiofanana arak'asa ny ha-



*Ireo talem-paritra nifandimby toerana.*

nabe ny tanora Malagasy , ka tsy ny ahazo ny diplaoma fotsiny no tanjona fa mba ho mpianatra manam-pahaizana sy afaka hikaroka asa ary manana ho avy tsara. Samy tompon'andraikitra avokoa ny rehetra eo amin'ny lafiny fanabeazana fa tsy ny ministera ihany, manana andraikitra amin'izany ny mpianatra, ny Ray aman-dreny ary ny fiaraha-monina… Miompana indrindra eo amin'ny fanatsarana ny taham-pahafaham-panadinana sy fanomezana tosika ho fanatsarana ny kalitaon'ny fanabeazana ny vinan'ny Talem-Paritry ny Fanabeazam-pirenena, ny Fampianarana Teknika sy Fampianarana arak'asa vao nandray ny toerany ity. Maro ireo toeram-panofanana eto Vakinankaratra, na ny miankina, na tsy miankina amin'ny fanjakana, ka ezahina ny hanarahana maso sy hanomezana tosika azy ireny ho tena matihanina eo amin'ny sehatry ny fanabeazana sy ny famolavolana ny tanora. Indrindra ny hampitomboana sy hampiroboroboana ny fahalalana atolotra ireo tanora maro. Tonga nanatrika izany fifamindram-pitantanana izany ny Préfet an'Antsirabe Andriatomponera Nalisoa Voahangiarimino, ny Lehiben'ny Faritra mpisolo toerana Rakotomahandry Thimoté, Ramatoa Razaiarimanana Voahangy Rivesty Aimée, Directeur de l' Encadrement et l' Inspection Pédagogique de l'Education Fondamentale », sy ireo fianakaviamben'ny fanabeazam-pirenena rehetra.

***Solohery***

Gropy AGV

# Nanamarika ny faha-10 taona nijoroany



*Ny filohan'ny Gropy AGV.*


Nanamarika ny faha-10 taona nijoroany ny Gropy A.G.V, na ny "Accomplishment of Great Vision" izay adika malalaka hoe Asa Goavana ho an'ny Vahoaka ihany koa. Ny Groupe AGV dia mijoro eto Madagasikara sy Afrika, ka ny fijoroany eto Madagasikara ity ankalazaina ny faha-10 taonany ity. Rantsana maro no ao anatin'ity Gropy AGV ity toy ny Artista, fitaterana, fanofanana fianakaviana Tafita, fiantsehatra amina fizahan-tany sns… Efa misy ihany koa ny Groupe Tafita izay mijoro ao Antananarivo izay rantsamangaikan'ny rafitra . Ireto ny toerana misy ny foibeny, na ny "Cellule de Développement"eto Antsirabe: Tombontsoa, Atsongo ary Akany Mihaja Antanivao. Fantatra fa fanokafana ihany ity hetsika ity fa mbola hisy ny ivon'ny fankalazana amin'ny volana Aogositra ny faha 10 taona nijorony. Raha te ho tafita izany ny olona dia mila mifandray amin'Andriamanitra, manana namana, manova fomba fisainana, manana teknika ary manampy ny mpiara-belona aminy. Mila teknika noho izany izay zavatra rehetra atao raha tsy izay dia votsitra ny zavatra tokony ho azonao. Voalaza fa ny 10% ny olona no tafita eo amin'ny fiainana, ny 90% kosa tsy mahalala akory na dia ny atao hoe tafita aza. Tontosa ny herinandro teo ny fampiofanana fianakaviana Tafita, tao amin'ny Tranopokonolona Antsirabe. Nitarika ny fampiofanana ny Lehiben'ny Groupe AGV, Maurice Raharison. Nisy ny fampisehoana lehibe nataon'ny Groupe AGV sy ny mpandihiny, nisy ny varotra boky sy vokatra samihafa ihany koa.

***Lezama***

BEHARO

# Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 280**





**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

**TENY MIFANARAKA** **N° 280**




**Mitsivalana**

**1.** Fotoam-pahatsiarovana - Fahita lavitra **2.** Zava-pisotro (Miv) - Vaovao tsy marina (BR) **3.** Mivelatra goavam-be **4.** Tapaka (Miv) **5.** Fanaovana asa tànana (Miv) - Paska **6.** Marihana **7.** Mahandro **8.** Hatsiaka mivaingana (Miv) **9.** Teny fanoherna - Ambony **10.** Zan-tsoratra mitovy - Neny - Tsofoka fanitarana

**Mitsangana**

**A.** Sembana ara-maso - Nodimandry **B.** Fanafody - Petraka - Mpampitohy **D.** Lamba matevina **E.** Vorona tsy misy lohany - Lera - Ariary **F.** Arehitra **G.** Kendrena (BR) **H.** Daka **I.** Filoha fahiny **J.** Fomba amam-panao - Tamy **K.** Vola fandoa - Eritreritra lalina (Miv)

## Valiny Teny Tondro (0279)

***Mitsivalana***

- Fantsika
- Ilo - IF
- Nafenina
- Antsy (Miv)
- Ar - OO - Fo (Miv)
- Inri (Miv)
- Triatra

***Mitsangana***

- Finday
- Ala
- Nofy - Ir
- Esory
- Sintona
- Nify (Miv) - Ti (Miv)
- Nao
- Aza - Fia

## Valiny Teny mifanaraka 0279

***Mitsivalana***

1 Fisarahan(a) 2. Hariva (Miv) - Koa 3. Rantsana 4. i, i, y- Naroso (Miv) 5. TV - Ta - Mamy 6. Rana - Fe - Ba 7. Entinao 8. Anaovanay 9. Foinao - Aro 10. Ar - Tanty (Miv)

***Mitsangana***

A. Faritra - Fa B. Aviavy (Miv) - Roa (Miv) D. Siny - Neny E. Tra (Miv) - Tànana F. Rasoa - Toa G. Saha (Miv) - Fivoy H. Namena I. Araka (Miv) - Nana (Miv) J. No - Amboara K. Ainga (Miv) - Tay (Miv)

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

**Mitohy ny fitetezam-paritra ataon'ny Filoha Ravalomana : Ankazomiriotra, Antsirabe, Malaimbandy ary Miandrivazo.**















